# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Desambra 2018

**21** **Zoma** desambra

**Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany.** Genesisy 1. 1

**Ianao, Jehovah ô, tany aloha no nanorenanao ny tany, ary asan'ny tànanao ny lanitra.** Hebreo 1. 10

## Hafatra avy tany ana habakabaka

Ny 21 desambra 1968 no nalefa ny sambon-danitra Apollo 8, ary nipetraka tamin'ny lalany hanodidina ny volana ny 24 desambra vao nangiran-dratsy. Dia nanodidina ny volana impolo ireo mpanamory ka nahita ny lafiny miafina.

Isaky ny mandalo ao ambadiky ny volana ny Apollo 8, dia tsy mahatazana azy ny eny an-tany sady tapaka ny fifandraisana amin'ny onjam-peo. Noho izany dia tsy nisy olona niara-hamivantana tamin'ireo mpanamory izany zava-mahatalanjona voalohany niainan'olombelona izany. Mahavariana indrindra ny mahita ny lafy miafin'ny volana, sy ny tany mipoitra avy ao ambadik'io lafiny mangadihady io !

Fa rehefa afaka nahita azy ireo indray teo amin'ny fahitalavitra, dia hita mbola tohina mafy izy ireo nanoloana ny zavatra hitany, izany hoe ny tany miloko manga sy fotsy, miposaka avy eo ambonin'ny faravodilanitry ny volana. Ahoana no nilazany ny zavatra hitany sy tsapany ? Nitanisa teny-a manampahaizana na poeta malaza ve izy ireo ? Tsia, fa izay nanohina azy ireo tamin'izany fotoana izany dia tsy hay ambara afa-tsy tamin'izay novakiany, nifandimby, tao amin'ny takila voalohany ao amin'ny Baiboly, hoe : „Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany...”

Olona zato tapitrisa tany ho any no nahare io hafatra avy tany ana habakabaka io, teo an-katoky ny Krismasy, ny 24 desambra 1968. Ary maro koa, tamin'io andro io, ny nahatsiaro fa Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, dia tonga avy any an-danitra mba hampahafantatra amin'ny zanak'olombelona rehetra Ilay Andriamanitra Mpamonjy. „Tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona, izay hahazoantsika famonjena” (Asan'ny Apostoly 4. 12).